

## **HAORIKO NY FIANGONAKO**

«*Fa tahaka ny haavon'ny lanitra noho ny tany no haavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo»<sup>1</sup>.*

Sarobidy amin'Andriamanitra ary be ao am-pony ny Fiagonana, izay Vady nomen'ny Ray ny Zanaka. Izany no zava-miafina nafenina tao amin'Andriamanitra hatry ny fahagola, kanefa aseho ankarihary ankehitriny. Lohahevitra vitsivitsy monja mikasika izany anefa, izany hoe mikasika ny Fiagonana, dia efa ampy hampisara-kevitra ny maro. Amin'ny alalan'ny Teniny no anehoan'Andriamanitra ny fisainany. Koa, aoka hodinihintsika amim-pifantohana tsara izany Tenin'Andriamanitra izany. Diniho manokana, indrindra indrindra, ny nilazan'ny Tompo, izy tenany mihitsy, indroa miantaona ny amin'ny Fiagonana.

Hatrany amin'ny pejy voalohany ao amin' ny Soratra Masina no efa voafaritra mazava ny tanjon'Andriamanitra: «Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy. Ary hoy ralehilahy: Ankehitriny

---

1. Isaia 55. 9

dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'ny nofoko ity»<sup>2</sup>. Nijanona ho takona ilay zava-miafina nandritra ny taonjato maro nifandimby. Endrik'olona maromaro no hany natao ho dindo hahatarafana ny sombin-tsombiny mikasika azy (i Sefora, i Rebeka, i Asnata, i Rota, i Abigaila, ny zanakavavin' i Farao).

## Ny fanambaràna nataon'ny Tompo

Ny Tompo izy tenany mihitsy no nanao fanambaràna ampahibemaso, sy voalohany indrindra, ny hoe: «Haoriko ny Fiagonako»<sup>3</sup>. Tamin'ny fotoana efa nampivaivay ny fanoheran'ny maro Azy no nilazany izany. Tsy tena nahalala an'i Jesoa ny olona na niantso Azy tamin'ny anaram-boninahitra hoe mpaminany aza ry zareo. Raha nipetraka tamin'ireo mpianatra kosa anefa ny fanontaniana hoe: «Fa ianareo kosa, ataonareo ho iza moa ny Zanak'olona?», dia hoy ny navalin'i Petera: «Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona ».

Tamin'ny alalan'ny mpaminany no nitenenan' Andriamanitra tamin'ny olona, fahiny. Ankehitriny kosa miseho ao amin'ny Zanaka Izy, dia llay Andriamanitra tonga nofo. Manana ny

---

2. Genesisy 2. 22-23 • 3. Matio 16. 18

fiainana ao aminy ny Zanaka, ary manana ny fahefana hanome izany.

Valinteny tsy tongatonga ho azy ao am-pon'ny olona io nomen'i Petera io. «Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona, fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany fa ny Raiko Izay any andanitra», hoy ny nasetrin'ny Tompo an'io tenin'i Petera io. Ary mbola nampiany hoe: «Ary Izaho milaza aminao koa: Ianao no Petera, ary eo ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny Fiagonako».

Asan'Andriamanitra madiodio izany ny fanorenana ny Fiagonana. Tsy misy idiran'ny fisainana sy ny finiavan'olombelona amin'izany, na kely akory aza. «Haoriko», hoy i Jesoa. Ny filazam-potoana ho avy no ampiasainy. Izany hoe mbola tsy tonga io fotoana io, saingy efa manakaiky kosa, ary i Petera no ho vato velona anisan'izay handrafitra ny fanorenana. I Petera izy tenany ihany koa no nanazava ity tenin'ny Tompo ity any amin'ny toko faha-2 amin'ny epistily voalohany nosoratany: «Ka dia atsangana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy... ». Nanamafy i Paoly fa: «Kristy Jesoa no fehizoro indrindra »<sup>4</sup>.

Nampahafantarain'i Kristy fa tena sarobidy aminy mihitsy koa ny Fiagonana. Ny «Fiagonako», hoy Izy. Io no ilay vatosoa sarobidy indrindra taminy, ary mba hahazoany azy dia «lasa Izy nivarotra izay rehetra nananany»<sup>5</sup>.

Hatramin'io fotoana niresahan'i Jesoa ny amin'ny Fiagonana io no nanombohany naneho tamin'ny mpianany fa tsy maintsy hijaly fatratra Izy, hovonoina, kanefa hitsangana amin'ny maty<sup>6</sup>. Amin'ny alalan'ny fiaretana an'izany fahoriania mihatra aman'aina izany ihany, dia ny fahafatesana eo amin'ny hazofijaliana, no hany hampiorina ny Fiagonana; tahaka ny nanatsoahana an'i Eva avy amin'i Adama, raha mbola sondrian-tory izy. «Raha tsy latsaka ao amin'ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra foana izy; fa raha maty kosa izy dia hahavokatra be»<sup>7</sup>.

Voambolana fampiasa amin'ny fiainana andavanandro no nampiasain'i Jesoa hanondroana ny Fiagonana, izay anomezany azy hevitra manokana. Ny teny hoe fiagonana (eklezia) dia manondro vondron'olona nantsoina hiala tao amin'ny tontolo nisy azy ka natokana. Nampiasaintsika hanondroana ny fiagonana

---

5. Matio 13. 46 • 6. jereo ny Matio 16. 21 • 7. Jaona 12. 24

amin'ny hevitra somary mifintina ihany io teny io taty aoriana, ka nentintsika niantsoana ny fiombonana kristiana miorina etsy sy eroa. Miova tanteraka mihitsy aza moa ny heviny amin'ny fampiasana azy io hoenti-manondro ny trano ivorian'ireo kristiana. Saingy, mitoetra mandrakariva ny fahamarinana napetrak'Andriamanitra mikasika ny atao hoe Fiagonana. Ireo «nohamasinina tao amin'i Kristy Jesoa» no mpikambana tao amin'ny «Fiagonan' Andriamanitra» tany Korinto<sup>8</sup>.

### **Ny fampanantenana ny Fanahy Masina sy ny fahatanterahan'izany**

Nilaza tamin'ny mpianany ny Tompo, mialoha ny hiatrehany ny hazofijaliana, fa handefa ho amin'izy ireo ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina. Ho 'eo aminy' sy ho 'ao aminy' izany Fanahy izany<sup>9</sup>. Notsiahiviny azy ireo ny «fampanantenana nataon'Andriamanitra Ray», taorian'ny fiaretany sy ny fitsanganany tamin'ny maty, ary nomeny baiko izy ireo hiandry ny fahatanterahan'izany: «lanareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina afaka andro vitsivitsy».

---

**8.**1 Korintiana 1. 2 • **9.** Jaona 14. 16-17

Indray tanteraka ireo fampanantenana roa ireo tamin'ny andron'ny Pentekôsitra - ny voalaza tao amin' ny Matio 16: « haoriko ny Fiagonako », sy ny tao amin'ny Jaona 14: « ny Ray... hanome anareo Mpananatra hafa,... ny Fanahin' ny fahamarinana ». Nandray ny Fanahy Masina ireo mpino tafavory teo amin'ny toerana iray. Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa azy ireo. Izany Fiagonana naorina tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany no nantsoina hoe « Ny Fiagonana »: « Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'izy ireo »<sup>10</sup>.

### **Ny Fiagonana, tenan'i Kristy**

Fotoana fohy taty aoriana, nilaza tamin'i Saoly avy any Tarsa, dia ilay mpanenjika ny Fiagonana, tamin'ny feo avy any an-danitra ny Tompo Jesoa fa izay mikasikasika ny Fiagonana dia mikasikasika Azy: « Izaho no Jesoa izay enjehinao »<sup>11</sup>. Diso hevitra tanteraka i Saoly raha nihevitra fa, toy ireo maro hafa koa, vondron'olona mitovy firehan-kevitra ihany izao ananany raharaha izao, dia vondron'olona manambatra ny heriny hanatrarana tanjona iray.

---

**10.** Asa 2. 47 • **11.** Asa 9. 5

Na fantany na tsy fantany, dia i Jesoa Kristy llay nitsangana tamin'ny maty sy efa mitafy voninahitra ka mitoetra ao anatin'ireo izay mino Azy ety ambonin'ny tany izao ananany olana izao satria iray tanteraka aminy ireo mpino ireo.

Haseho tsy ho ela intsony amin'ny apôstôly Paoly ilay zava-miafina : « Iray ny tena ary iray ny Fanahy »<sup>12</sup>. « I Kristy no Lohan'ny Fiagonana »<sup>13</sup>. « Fa tahaka ny tena iray ihany, nefà maro no momba ny tena,... dia tahaka izany koa i Kristy. Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray »<sup>14</sup>.

Aoka mba ho izany toetry ny atao hoe Fiagonana voasoritra hatrany amin'ny fiandohany izany no ho lalim-paka sy tsy ho azo hozongozonina ao am-pontsika. Moa ekentsika marina tokoa ve fa asan'Andriamanitra madiodio tsy misy idiran'ny olombelona ny fanorenana ny Fiagonana ? An'Andriamanitra ny Fiagonana, i Kristy no nanorina azy, ary mifamatotra aminy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany Fiagonana izany. Ny maha Andriamanitra an'Andriamanitra mihitsy no natolony avokoa ho fanorenana ny Fiagonana. Tsy misy afamitsabaka amin'ny fahefana manokan'i Kristy, na iza na iza. Izy irery no hany mpiantoka izany. Eny,

---

12. Efesiana 4. 4 • 13. Efesiana 5. 23 • 14. 1 Korintiana 12. 12, 13

na ny «vavahadin'ny fiainan-tsy hita aza tsy haharesy Azy ».

Ny herin'ny fitsanganana tamin'ny maty no nanorenana ny Fiagonana<sup>15</sup>, mba hahatafaray tanteraka azy amin'ilay Olona nomemboninahitra. «Ary Izy no Lohan'ny tena, dia ny Fiagonana ; Izy no voalohany, dia ny Lahimatoa tamin'ny maty, mba ho Lohany amin'ny zavatra rehetra Izy »<sup>16</sup>. Rehefa tonga ny fotoana dia hiseho eo anatrehan'i Kristy ny Fiagonana «be voninahitra, tsy misy pentina na fikentronana, na ny toy izany, fa... masina sy tsy misy tsiny ».

Mametraka antsika sahady dieny ankehitriny amin'ny toerana any an-danitra miaraka amin'i Kristy izany maha iray tanteraka antsika aminy izany. Mihanjahanja ankehitriny ny zava-niafina hatry ny ela «mba hampahafantarina ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra amin'izao ankehitriny izao ny mahamaro samihafa ny fahendren'Andriamanitra amin'ny fitondrany ny fiagonana »<sup>17</sup>.

### **Ny Fiagonana hita ety an-tany**

Ireo mpino rehetra no mandrafitra ny Fiagonana, dia ireo rehetra nandray ny

---

**15.** jereo ny Efesiana 1. 19, 20 • **16.** Kolosiana 1. 18 • **17.** Efesiana 3.10

batisan'ny Fanahy Masina tamin'ny andron'ny Pentekôsitra, mbamin'ireo mpino nanampin'ny Tompo taty aoriana. Tsy nitsahatra ny fitomboany. « Trano fanahy » io, kanefa miorina eto an-tany. Tsy natao tsy hita maso izy fa naseho ho hitan'ny anjely sy ny olona, mandritra ny androm-piaianany ety an-tany, ho voninahitr' Andriamanitra. « Ho azy anie ny voninahitra ao amin'ny Fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesoa »<sup>18</sup>. Tao Jerosalema no nahitana azy voalohany, fony mbola nafana ny voaloham-pitiavany. Izy no vavolombelon'ny herin'ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fisarahana amin'ny ratsy: « Ary tsy nisy tamin'ny olona sisa rehetra sahy niray taminy; nef a nankalaza azy ny vahoaka »<sup>19</sup>.

Rehefa naparitaky ny fanenjehana ny mpino dia natosik'izany hitory ny Filazantsara tany ivelan'i Jerosalema: amin'ny Samaritana aloha, ary ho an'ireo Jentilisa rehefa avy eo. Manerana ny tany rehetra, na iza na iza olona voatarika ho amin'ny finoana amin'ny alalan'izany asa fitoriania izany, dia mandray ny Fanahy Masina ary anampin'ny Tompo ho anisan'ny Fiangonana. Nanomboka hita tao Samaria àry ny Fiangonana, nitatra tany Antiokia, tonga hatrany Efesosy, tany Korinto, ary tany amin'ireo toerana maro hafa.

---

18. Efesiana 3. 21 • 19. Asa 5. 13

Samy tsy nisy nanorina Fiangonana tao amina tanàna anankiray na i Petera, na i Barnabasy, na i Paoly. Raha nanao izany izy ireo, araka ny hitantsika voalaza matetika, dia vondrona tsotra ihany io fa tsy ilay Fiangonana tokana tenan'i Kristy akory.

Tokana ihany ny Fianganan'i Kristy. Tsy vondrona tsy hita maso akory izy ka tsy haseho raha tsy amin'ny andron'ny voninahitra, fa hita any amin'ny toerana rehetra misy an'ireo izay « nohamasinina ao amin' i Kristy Jesoa »<sup>20</sup>. Amin'izany ihany vao azo lazaina fa misy Fiangonana ao amin'io toerana io. Averimberin'ny Tenin'Andriamanitra ny filazana ny hoe « Fiangonana » tany Jodia, tany Samaria, tany Galatia, tany Azia, mba hanondroana ny « fisehony » na ny « dikany » amin'io maha vondrona ao an-toerana, kanefa vondrona voafaritra mazava tsara, azy io. Tsy milaza mihitsy ny Baiboly hoe « ny Fianganan'i » fa « ny Fiangonana tao » Jerosalema, Antiokia na Korinto. Mazava fa te hanantitra ny maha iray ny Fiangonana, na aiza na aiza toerana misy azy, ny Fanahy Masina. Voaporofon'ny fomba nosafidin' Andriamanitra hampiasana an'ireo apôstôly sy ireo mpanompony tany am-boalohany izany

---

20.1 Korintiana 1. 3

maha iray ny Fiagonana izany. Tsy ny hanorina fiagonam-baovao isan-toerana no nanirahana azy ireny fa ny hametraka mazava tsara kosa ny fifamatorana misy eo amin'ny Fiagonana voalohany, izay nijoro tao Jerosalema, sy ireo mpino nanampy taty aoriania, izay nivondrona tany amin'ny toerana lavitra na akaiky.

Aoka isika tsy ho voarebirebin'ny fiheverana toa marina, izay manitrikitrika fa tsy maintsy avahana ny Fiagonana tokana manerana an'izao tontolo izao, izay tsy hita maso, sy ny Fiagonana isan-toerana, izay hita eo amin' ny toerana iorenany. Nahazo laka nandritra ny taonjato maro teo anivon'ny fivavahana kristiana izany fiheverana izany. Manome vahana ny fahazoana mihalangalana amin'ny andraikitra tokony hosahanina manoloana ny Fiagonana mantsy izany, no sady mamela malalaka ny fahafahan'ny olona hanao ny dingana voalohany amin'ny fanorenana Fiagonana, araka izay saim-pantany fotsiny. Nahazo vahana io fiheverana io satria naiditra an-tsokosoko ny fiheveran-diso fa samihafa ny toetry ny Fiagonana tokana manerana an'izao tontolo izao, sy ny an'ireo Fiagonana any amin'ny isan-toerana. Izany no natao mba hanampenana ny maso tsy hahatsikaritra fa nohadinoin'ny Fiagonana ny naneho teo anatrehan'izao

tontolo izao ny maha iray azy. Tokana ny Fiagonana, na jerena indray mifaoka avy any ambony izany, dia izy manontolo, eo imason'Ilay nanorina azy; na amin'ny ampahany, dia ireo hita amin'ny toerana sasany ety an-tany, eo imason'ireo ao anatin'izy ireny.

«*Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho.*»

Ao amin'ny toko faha-18 amin'ny filazantsara nosoratan'i Matio no iresahan'ny Tompo fanindroany ny amin'ny Fiagonana. Lafiny hafa indray, tsy toy ny tao amin'ny toko faha-16, anefa no ijereny azy. Hitantsika eto ireo olana, vokatry ny tsy fahatanterahan'ny olombelona, izay toa nitambesatra tao amin'ireo mpianatra hatramin'ny fotoana nanambaràn'ny Tompo ny hiaretany sy ny hahafatesany.

Inona no hatao raha toa ka misy rahalahy anankiray nanao fahadisoana, kanefa tsy nety nihaino rehefa nanarina, eny fa na teo anatrehan'ny vavolombelona roa aza? «Ambarao amin'ny Fiagonana», hoy ny Tompo. Eny, misy vondrona eken'ny Tompo hitafy ny toetra aman'andraikitrty ny maha Fiagonana eo amin'ny toerana ivondronan'ireo mpino, izay antsoiny eto hoe rahalahy. Vondron'olona

nomeny ny fahaiza-manao ireo ka afaka ny hihetsika amin'ny alalan'ny tenany, tsy mila ny fanampian'ny apôstôly sy ireo dimbiny taty aoriana. Ary dia nanampiny ny fampanantenana ny fanatrehany eo anivon'ireo mpino mivory amin' ny anarany: «fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho ». Izany no anehoany amintsika ny atao hoe Fiagonana ao amin'ny toerana iray, izay tsy hafa fa fanehoana hita maso ny Fiagonana ety ambonin'ny tany.

Tsy ilaina ny hanorenana fiagonana mitondra anarana manokana, satria ny Tompo no miteny amin'ny mpino tsirairay avy fa : « Tsy aiza akory ny Fiagonana fa eo anivon'ny rahalahinao tafavory amin'ny anarako, eo amin'io toerana misy anao io, ary tokony hanaiky ny fahaiza-manaony sy ny fahefana nomeko azy ianao. Aza mihevitra fa ny hamaroana na ny havitsian'ireo tafavory no hanamarika ny fahefany, na ny fahafahany manao zavatra. Ny fanatrehako eo anivon'izy ireo, ary izay ihany, no hananany izany, na firy no isan'izy ireo na firy ».

Nahoana àry ny Tompo no nisafidy ny hiresaka ny momba an'io « roa na telo » mivory amin'ny anarany io tao amin'ny Matio 18 ? Moa tsy niseho tamin-kery ve ny vokatry ny asany taorianakelin'ny nitsanganany tamin'ny maty, sy ny

fampakarana Azy ho any an-danitra ? Moa tsy olona telo arivo be izao ve no tafavory tanatin'ny indray andro monja taorian'ny toriteny voalohany nataon'i Petera, ary dimy arivo andro vitsivitsy tato afara? Ka moa azo heverina ve ny hihenan'ny Fiagonana ao amin'ny toerana iray ho lasa « roa na telo »? Tsy nisy Fiagonana voalaza ho vitsy an'isa toy izany na tao amin'ny Asan'ny Apôstôly, na tao amin'ireo epistily.

Efa fantatry ny Tompo mialoha ny zavatra hiseho, ka nahatonga Azy hiteny toy izany. Tsy ny haneho amintsika an'ilay fototra mafy iorenan'ny Fiagonana tahaka ny tao amin'ny toko faha-16 no tanjony teto, fa ny hanome toky kosa fa ampy hampitony ny filântsika rehetra ny fanatrehany. Apetrany ho eo anoloan'ireo olony ny loharanokery, izay azony hanovozana, rehefa hitarika azy ireo ho amin'ny fahosana ny tsy fahatanterahany, amin'ny maha olombelona azy. Lalovany ny tantaran'ny Fiagonan'ny Asan'ny Apôstôly sy ireo epistily. Tsinjoviny mialoha ireo vanim-potoana mampalahelo voalazan'i Paoly an'i Timoty. Tazaniny ny vanim-potoana hisintonana an'ireo olom-bitsy, dia ireo izay mahatoky, ho afaka amin'ny faharatsiana, noho ny fanoavana ny antson'Andriamanitra. Nosarihiny avy ao « an-trano lehibe », izay ifangaroan'ny vahoaka marobe, ireo tena olony

ireo<sup>21</sup>. Tamin' ny filazàny ny fampanantenana manao hoe: «Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho», no nanorenany fa ny fanatrehany no ivon'ny fivoriana amin'ny fotoana rehetra. Amin'izany ihany koa no anoritany ny lalan'ny finoana ho an'io vondron' olom-bitsy io, mba hanarahany ny fahamarinana, ny finoana, ny fitiavana, ny fihavanana, miaraka amin'ireo izay 'miantso ny anaran'ny Tompo amin'ny fo madio', na tsy ho tafavory amin'ny toerana iray na oviana na oviana aza ny tsirairay avy amin'ireo 'momba ny tena'.

Araka ny tantara, rehefa mahatsiaro ny tenany ho tsy afa-mitoetra intsony ao amin'ireo antokompivavahana misy azy avy ny mpino, ka voatery mihataka noho ny fankatoavana ny Tompo, vao mahatsapa ny tena maha zava-dehibe ny fiarahamivory manodidina Azy. Tsy mieritreritra ny hanorina fiangonana ireo vondrona olona nihataka ireo raha manao izany. Mainka hampizarazara ny tenan'i Kristy mantsy raha izany no mitranga. Tsapan'izy ireo fa misy fifamatorana velona mampiray azy amin'ireo rahalahiny, izay 'momba ny tenan'i Kristy' tahaka azy ihany koa. Tafatambatra indray izy ireo vokatry ny fihatahany

---

**21.** jereo ny 2 Timoty 2. 19-22

tamin'izay nisy azy teo aloha. Tsy maintsy nodiaviny io fihatahana io noho ny olana nisy teo amin'ny tontolon'ny kristianisma maneran-tany, sy ny fiaikeny ny tsy fahafahany mitondra vahaolana amin'io olana misy io.

Misy lesona azontsika ampiharina avy amin'ireo tenin'ny Tompo ireo. Tian' Andriamanitra ny hanangona an'ireo zanany ho vondrona iray. Volavolaindy ho ao am-pon'izy ireo ny hetaheta an'izany zavatra izany. Fomba roa anefa no azo ieritreretana ny fisehon'io fanangonana io.

Voalohany, azo atao ny maniry ny hiangona fotsiny amin'izao tsy mitady ny fomba fampiraisan'Andriamanitra. Raha izay maha diavolana ny sainy sy ny filàna ao anatiny ao no sainin'ny zanak'Andriamanitra voalohany indrindra, dia tsy mahagaga raha mivondrona izy mba hanangana fiangonana. Asiany rafipandaminana tsara araka izay azo atao izany, ary omeny anarana manasongadina ny maha izy azy sy mampiavaka an'io fiangonana io. Saingy, tsy mba ny Fianganan'i Kristy izany. Ireo izay mikatsaka ny «tsy mbola niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona, no efa namboarin' Andriamanitra ho an'izay tia Azy »<sup>22</sup>.

---

22. 1 Korintiana 2. 9

Mivory tsotra izao manodidina ny Tompo ho toy ny rantsam-batany ny mpino, ho fanekena sy ho fanehoany ny fankatoavany ny Tompo. Lavitra azy ny fisainana hanorina fiangonana, na ny hanome anarana hampiavaka azy amin'ilay tena 'Fiangonany'. Tsy mihambo ho ny Fiagonana iray manontolo anefa izy ireo, na tafatambatra ao amin' ny toerana iray aza, satria tsy ny 'momba ny tena' rehetra akory io tafangona io. Fanehoana fotsiny ihany ny endriky ny atao hoe Fiagonana izy, izay ekena tokoa fa marefo kanefa dia ny tena 'Fiangonana' marina.

Manaporofo ny fisian'ireo anaram-piangonana isan-karazany fa voazarazara ny Fiagonana. Niala tamin'ny toetra sy ny toerana nikasàn'ny Tompo azy hatrany am-boalohany izy. Izany no tokony hampiety antsika eo anatrehan' Andriamanitra sy hahatsapantsika fa ny fahasoavany irery ihany no mihazona ny fisokafan'ny varavarana ho amin'ny 'fivoriana manodidina Azy'. Tsy manorina sekta vaovao akory ny fivoriana tahaka izany, fa tena vavolombelon'ny maha mahatoky ny Tompo sy ny faharetan'ny loharonom-pahasoavany. Ny fontsika ho feno ny fitiavan'ny Tompo mandrakariva, mba hoentintsika manompo ny Fiagonana manontolo, no hany takina. Ny fankatoavantsika no ilaina, ary ny fampiharantsika ny teniny mba tsy hampibolisatra antsika

amin'ireo lala-malama isan-karazany, izay mampirona ho amin'ny fo nofo, na ho amin'ny fihevitr'olombelona. Mety ho maro samihafa tokoa ny fisehon'ireny fihevitr'olombelona ireny, ka tsy maintsy miambina fatratra isika. Aoka ho mailo ka hitoetra mandrakariva ao amin'izay «hatrany am-piandohana».

Tsy hoe zavatra tsy misy dikany na maivan-danja akory, araka ny ilazana azy matetika, ny fandavana na fanekena anarana iray ho ana fiangonana. Izany moa no mahamaika an'ireo antokom-pivavahana isan-karazany. Natao hifandraika indrindra amin'ny toetra sy ny antom-pisian'ny fivoriana ataony mantsy izany anarana isalorany izany.

Aoka hekentsika fa fahafaham-baraka tokoa izany hoe «tsy manana anarana». Kanefa ny fijoroana ho vavolombelon'ny maha iray ny tenan'i Kristy no antony handavana ny fisalorana anarana. Hilaza ny sasany fa tsy maintsy hiafara amin'ny fananganana sekta vaovao ihany, hanampy trotraka an'ireo efa misy, ny fivoriana mitokana toy izany. Aleo hilaza izay lazainy izy. Izany ihany koa no efa nahatra tsy ahoan-tsy ahoana tamin'ireo kristiana tany am-boalohany<sup>23</sup>. Ny hany ilaina dia ny tsy fiezahana

---

23. Asa 24. 14

hitady antony hanamarinana an'izany  
fiampangana izany.

Faharoa, mety tsy ho toy izany indray ny fitrangan'ilay fanangonana, fa hafa. Mety holavina ankitsirano tokoa ny fanomezana anarana, mety tsy handalo ao an-tsaina akory ny hanangana sekta. Saingy, ilay foto-kevitra maha Fiagonana ny Fiagonana sy ny firaism-pitiavana miaraka aminy mandrakariva no tsy nohalalinina. Ireo zavatra roa ireo no ferana, ary soloina karazandrazan-drafitra ny toeran'ilay 'tena tokana'. Ny rafitra no manjary mibahana ao an-tsaintsika, na mihevitra ny amin'ny fitambaramben'ny Fiagonana isika na mihevitra ny Fiagonana isan-toerana. Aoka hitandrina isika mba tsy ho latsaka amin'izany firehana izany. Ataovy an-tsaina fa tsy afaka ny hiresaka ny amin'ny hoe «mpikamban'ny Fiagonana ao amin'ny toerana iray» isika, ka tsy ho latsaka, na kely foana aza, amin'io fandalàna rafitra io.

Isan'ny tenan'i Kristy ny mpino, ary tsy isan'ny tenan'iza na iza ankoatra izany. Raha voatery nihataka tamin'ny nisy antsika taloha isika noho ny fankatoavana, dia mitoera kosa ao amin'ny fiombonam-pitiavan'i Kristy miaraka amin'ireo 'momba ny tenany' rehetra.

Ny fahendren'Andriamanitra ao amin'ny Tompo ihany, amin'ny alalan'ireo teny

nampitondraina an'i Matio ireo, no hany afaka hampahafantatra ny halalin'ny fikasàん' Andriamanitra sy ny tanjony amin'ny Fiagonana. Io no hany manome toky ny maha azo antoka ny hahatanterahan'izany fikasàん' Andriamanitra izany marina tokoa. Mbola io teny io ihany koa no mampahafantatra fa olombelona osa sy malemy no itodihan'ilay fikasana. Ao amin'izany olombelona osa sy malemy izany no ivelaran'ny fikasàん'Andriamanitra sy ivelaran'ny fahasoavana. Mivelatra eo anoloan'izy ireo ny loharanon-kery, izay mamatsy sy manome azy an'izay ilainy amin'ny fotoana rehetra. Manentana antsika rahateo moa ny Teniny hangataka amin'Andriamanitra «Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa »<sup>24</sup>.

---

**24.** Jakoba 1. 5